FIANGONANA LOTERANA MALAGASY
KOMITY MPIANDRAIKITRY NY SYNODA LEHIBE
KMSL-141 NY 31 MEY -05 JONA 2019 : VONDROZO (SPAV)

FANAPAHAN-KEVITRA
KMSL – 141 SPAV

1- <u>TATITRY NY BIRAO FOIBE FLM</u>
Nametraham-Panontaniana ireo Tatitra avy amin'ny Birao Foibe FLM
<u>KMSL-141</u> : Nankatoavina ary noraisina ireo Tatitra avy amin'ny Birao Foibe FLM :
- Avy amin'ny Filohan'ny FLM ..... Past Dr RAKOTONIRINA David,
- Avy amin'ny Tonian'ny FLM …….. Past RANDRIANIRINA Dieu Donne
- Avy amin'ny Tonia Lefitra FLM ……. Rtoa Teol.TOROMARE Mananato
- Avy amin'ny Mpitahirivola FLM ……. Atoa LAHINIRIKO Jean

2-<u>TATITRY NY SYNODAM-PARITANY</u>
Ny Vaomieran'ny Vola no nandinika ny Tatitry ny Synodam-Paritany rehetra.

Fanapahan-kevitra KMSL-141 :
Raisina ny Tatitry ny Synodam-Paritany rehetra.

3- <u>TATITRY NY SAMPAM-PIKAMBANANA</u>
Ny Vaomieran'ny Fitsipika no nandinika ny Tatitra avy amin'ny Sampam-Pikambanana

Fanapahan-kevitra KMSL-141 :
a- Fanamarihana momba ny Tatitra rehetra :
Raisina ny tatitry ny Sampam-Pikambanana 7 : SaLoMa; FBL; FDL; VLM; FiFiL; FD-FLM; FKTLM.
b- Momba ny FS-FLM : Tsy nahatonga tatitra sady tsy ara-dalana ny fitantanan-draharaha. Noho izany, irahina ny Birao Foibe FLM miaraka amin'ny mpandini-bola FLM hanao fanadihadihana momba ny tatitra, indrindra ireo projets nahazoana famatsiam-bola avy any ivelany.

4- <u>TATITRY NY SAMPAN-DRAHARAHA</u>
Ny Vaomieran'ny Fampandrosoana no nandinika ireo Tatitra avy amin'ny Sampan-dRaharaha tonga teto amin'ny KMSL 141.

Fanapahan-kevitry ny KMSL-141 :
1. Ireto avy ireo fepetra amin'ny fanaovana ny tatitra :
   - Asiana teny faneva.
   - Asiana sary Raozin'ny Lotera
   - Asiana laharana manokana (code PCB-FLM)
   - Tsy maintsy soniavin'ny mpandini-bola KMSL sy nandalo KM vao manankery ny tatitra.

2. Raha misy tsy nahatonga tatitra dia iangaviana hitondra izany amin'ny KMSL 142 Fianarantsoa. (Oh. SALFA, Conect Project FKTLM, AMLT...,).

3. Nekena ny tatitra ara-bola 2018 sy Teti-bola 2020 an'ireo Sampan-dRaharaha nahatonga tatitra.

5- <u>TATITRY NY FANDRINDRANA NASIONALY</u>
Ny Vaomieran'ny Vola KMSL no nandinika ny Tatitry ny Fandrindrana Nasionaly.

Fanapahan-kevitry ny KMSL-141 :
Voaray avokoa ny tatitra afa tsy ny Soritr'asa Manoana ny Traboina (S.M.T.)

6- FIZARANA FILEOVANA

Fangatahana hizara Fileovana avy amin'ireo Synodam-Paritany sivy : SP Atsinanana, SP Fiherenana Toliara, SP Alaotra, SP Antananarivo, SP Betioky Atsimo, SP Toamasina, SP Horombe, SP Avaratrimania, SP Boeny Mahajanga.

Fanapahan-Kevitra KMSL-141 :
Nekena ny hizarana ny Fileovana ao amin'ireto Synodam-Paritany sivy manaraka ireto :

6.1-Avy amin'ny SP Atsinanana SPAts

1. Fileovana Matanga hizara ho roa :

a- **Fileovana Vohipaho** (vaovao) : Fitandremana miaraka aminy = Vohipaho (renivohitra), Lavalanga, Mavoakoho, Mahatsinjo I.
b- **Fileovana Matanga** (nialana) : Fitandremana sisa miaraka aminy = Matanga, Mandritsara, Mahavelo, Ambahitsipaky, Agnakava.

2. Fileovana Evato hizara ho roa :

a) **Fileovana Bemandresy** (vaovao) : Fitandremana miaraka aminy = Bemandresy, (renivohitra) Tsaramandroso, Ambalavato, Andemaka.
b) **Fileovana Evato** (nialana) : Fitandremana sisa miaraka aminy = Evato, Mahasoa, Iaborano, Namohora.

3. Fileovana Vangaindrano hizara ho telo :

a) **Fileovana Vohitromby** (vaovao) : Fitandremana miaraka aminy = Vohitromby (renivohitra), Mahabe, Bekaraoky.
b) Fileovana Vangaindrano (nialana) : Fitandremana sisa miaraka aminy = Ambohijatovo, Ampasy, Nanasana, Ambohimpinoa.
c) **Fileovana Iabomary** (vaovao) : Fitandremana miaraka aminy = Iabomary (renivohitra), Marofotatra, Ampataka, Vohima.
d) Fileovana Vangaindrano (nialana) : Fitandremana sisa miaraka aminy = Ambohijatovo, Ampasy, Nanasana, Ambohimpinoa.

4. Fileovana Midongy hizara ho roa :

a) **Fileovana Begogo** (vaovao) : Fitandremana miaraka aminy = Begogo (renivohitra), Beampombo, Mandrosoa.
b) **Fileovana Midongy** (nialana) : Fitandremana sisa miaraka aminy = Midongy, Sarilasy, Ankazovelo, Sagnira, Lavaraty.

5. Fileovana Befotaka hizara ho roa :

a) **Fileovana Ranotsara Atsimo** (vaovao) : Fitandremana miaraka aminy = Ranotsara Atsimo (renivohitra), Bekofafa, Filadelfia.
b) **Fileovana Befotaka** (nialana) : Fitandremana sisy miaraka aminy = Befotaka, Marovitsika, Antaninarenina, Beharena.

6.2-Avy amin'ny SP Fiherenana Toliara SPFT :

Fileovana Manombo Andriake hizara ho roa :
a- **Fileovana Tsifota** (vaovao) : Fitandremana miaraka aminy = Tsifota (renivohitra), Salary, Tsandamba.
b-**Fileovana Manombo Andriake** (nialana) : Fitandremana sisa miaraka aminy = Manombo Atsimo, Ambolimailaka.

6.3-Avy amin'ny SP Alaotra SPAL :

Fileovana Ambatondrazaka hizara ho roa :
a- **Fileovana Didy Renivohitra** (vaovao) : Fitandremana miaraka aminy = Ambohijanahary Didy, ary Vohidrazana Didy.
b- **Fileovana Ambatondrazaka** (nialana) : Fitandremana sisa miaraka aminy = Ambatondrazaka, Avaradrova, Andreba Gara.

6.4- **Avy amin'ny SP Antananarivo SPAnta :**

Fileovana Ambohibao hizara ho roa :

a) **Fileovana Ivato** (vaovao) : Fitandremana miaraka aminy = Ivato (renivohitra), Mahitsy, Ambohimiadana, Ambatomainty, Tokotanitsara.
b) **Fileovana Ambohibao** (nialana) : Fitandremana sisa miaraka aminy = Toby Abohibao, Ambohibao Antampontanana, Miantso.

6.5- **Avy amin'ny SP Betioky Atsimo SPBA :**

Fileovana Bezaha hiraza ho roa :

a) **Fileovana Ankiliarivo** (vaovao) : Fitandremana miaraka aminy = Ankiliarivo (renivohitra), Ankilivalo, Ankilimivory.
b) **Fileovana Bezaha** (nialana) : Fitandremana sisa miaraka aminy = Bezaha, Behisatra, Magnalobe, Dialolamanga.

6.6- **Avy amin'ny SP Toamasina SPTm :**

1. Fileovana Fenerive-Est hizara ho roa :

a) **Fileovana Soanierana Ivongo** (vaovao) : Fitandremana miaraka aminy = Soanierana Ivongo (renivohitra), Manjato, Ambodiriana, Morafeno, Sainte Marie, Antanandava, Sahateza.
b) **Fileovana Fenerive-Est** (nialana) : Fitandremana sisa miaraka aminy = Fénérive-Est, Antanetilavabe, Ambinanisaranindona, Vohipeno.

2. Fileovana Verrerie Toamasina hizara ho roa :

a) **Fileovana Brickaville** (vaovao) : Fitandremana miaraka aminy = Brickaville (renivohitra), Anivorano-Est, Antsampanambarika, Ampampanambo.
b) **Fileovana Verrerie Toamasina** (nialana) : Fitandremana sisa miaraka aminy = Verrerie- Toamasina, Antanamakoa-Toamasina, Depot Analakininina-Toamasina, Mangarivotra-Toamasina, Tsararano, Ifito.

6.7- Avy amin'ny SP Horombe SPH :

Fileovana Ranohira hizara ho roa :

a) **Fileovana Voatsinampy** (vaovao) : Fitandremana miaraka aminy = Voatsinampy (renivohitra), Manombobe, Analalava, Vohimena vaovao, Sakalama.
b) **Fileovana Ranohira** (nialana) : Fitandremana sisa miaraka aminy = Ranohira, Jorasalema vaovao, Ilalakabe, Andiolava, Satrokala, Menamaty-Iloto.

6.8- Avy amin'ny SP Avaratrimania SPAM :

1. Fileovana Ampitatafika hizara ho roa :

a) **Fileovana Sobaba** (vaovao) : Fitandremana miaraka aminy = Sobaba (renivohitra), Andranovelona, Tsarafara.
b) **Fileovana Ampitatafika** (nialana) : Fitandremana sisy miaraka aminy = Ampitatafika.

2. Fileovana Antsirabe Avaratra hizara ho roa :

a) **Fileovana Ambano** (vaovao) : Fitandremana miaraka aminy = Ambano (renivohitra), Ambatotokana, Ambohimahery.
b) **Fileovana Antsirabe Avaratra** (nialana) : Fitandremana sisa miaraka aminy = Ambohimandray, Iandrianana, Fiarovana, Ambohijafy, Antanamanjaka, Tsiafahy, Morarano, Manazary, Ambohimarina, Ambohimandroso, Tsarahafatra.

6.9- Avy amin'ny SP Boeny Mahajanga SPBM :

Fileovana Mahajanga hizara ho roa :

a) **Fileovana Amborovy** (vaovao) : Fitandremana miaraka aminy = Amborovy (renivohitra), Ambalika, Ampitolova.
b) **Fileovana Mahajanga** (nialana) : Fitandremana sisa miaraka aminy = …

7- BAIBOLY DIKATENY ANTANDROY :

Lahateny avy amin'ny Tonia Lefitry ny FLM : Misy Baiboly voadika amin'ny teny Antandroy nataon'Atoa Steve Lellelid (notohanan'ny FOM / Friends of Madagascar) miparitaka any atsimo : Misy teny tsy hay vakiana ao Ampiangonana. Koa mangataka ny hevitry ny KMSL momba izany :

Fanapahan-kevitra KMSL 141

Tsy ampiasaina amin'ny fotoam-pivavahana FLM ity Baiboly dikateny Antandroy ity.

8- <u>FANANGANANA ONIVERSITE LOTERANA</u>

*Lahateny avy amin'ny Filohan'ny FLM amin'ny tokony hananganantsika ho aram-panjakana ny Oniversite Loterana, satria efa manana lalam-piofanana maro isika : SALT, LIM*E, SEFAM, ISPATA, Sekoly ambony manokana ho an'ny Dokotera ao Antsirabe, manampy izany ny Sekolin'ny Mozika sy ny Sekoly momba Leadership sy Management ao amin'ny SALT Fianarantsoa, ary ny Sekoly Ambony momba ny Fifandraisana sy Teknolojia vaovao ao Antsirabe.
Izy rehetra ireo ho eo ambany fiahian'ny Oniversite lehibe iray.

Fanapahan-kevitra KMSL 141:
Ekena ny hananganana ho ara-panjakana ny Oniversite Loterana. Ny anarany : ONIVERSITE MARTIN LOTERA (OML) ireto avy no mirafitra ao aminy :

- SALT (Sekoly Ambony Loterana momba ny Teolojia) Ivory Avaratra Fianarantsoa
- LIME (Lutheran Institut of Management and Entreprenership) Masombahoaka Fianarantsoa
- SEFAM (Sekoly Fanomanana Mpitsabo) Antsirabe
- ISPATA (Institut Superieur Professionnel Agricole Tombontsoa Antsirabe)
- Sekoly Ambony Manokana ho an'ny Dokotera ao Antsirabe
- Sekoly Ambony momba ny Fifandraisana sy ny Teknolojia vaovao, Antsirabe
- Sekolin'ny Mozika, Ivory Avaratra Fianarantsoa
- Sekoly momba ny Leadership sy Management, Ivory Avaratra Fianarantsoa

9- FIARAHA MIASAN'NY FLM SY LCMS :

Fanapahan-kevitra KMSL 141 :
Voaray ny fifanekem-piaraha-miasa fa tsy ampy ny fotoana namakiana azy teto amin'ny KMSL 141. Koa ny KMSL 142 any Fianarantsoa no handray fanapahan-kevitra momba izany. Entanina ny SP hamaky io fifanekem-piaraha-miasa io.

10- <u>FAMPODIANA MISIONERY MIASA ANY THAILAND :</u>

Fanapahan-kevitra MSL 141:
Noho ny antony ara-bola dia hampodiana hiverina aty Madagakara ny misionera FLM tany Thailand, dia ny Pastora RAZAFIMANANTSOA Olav dimy mianaka. Miverina miasa ao amin'ny SPAnta izy.

11- VAHINY LWF HIVORY ATY MADAGASIKARA :

Fanapahan-kevitra KMSL 141 :
Tsofina rano ny Foibe FLM hanangana vaomiera amin'ny fandraisana ireo vahiny LWF ho amin'ny fifampidinihana mikasika ny Pantekotista sy ny Loterana, ary hanendry ny solontena FLM hanatrika izany.

12- <u>FANAMIANA AMIN'NY ASA FANOMPOANA :</u>

***Fanapahan-kevira KMSL-141*:**

a) Fanamian'ny Pastora : Tazonina ihany aloha ny teo aloha, fa miandry ny KSL 23 any Mahajanga ny fanapahana ny anaovana na tsia ny Alb.
b) Fanamian'ny Katekista : Tazonina ny fanamiana teo aloha, ary ahitsy ireo tsy manaraka ny fanapahan-kevitra.
c) Fanamian'ny vehivavy Teolojiana : Manao Alb ny vehivavy Teolojiana, ary asiana fehikibo miaraka amin'ny "Robe Clergé" (Colar) fa tsy manao Zioga.
d) Ny Lobaka Clergé dia azo anaovana andavanandro hoan'ny Pastora sy nyVehivavy Teolojiana.
e) Ny Lobaka Clergé voloparasy dia voatokana ho an'ny Filohan'ny FLM sy ny Filohan'ny Synoda.
f) Ny Lobaka Clergé dia tsy manaraka loko litorjika.
g) Fanamian'ny Birao Foibe FLM : Omena tsodrano ny Birao Foibe Pastora sy Teolojiana hanao Alb.

13- FANITSIANA NY LITORJIA FLM :

Fanapahan-kevitra KMSL-141 :

a) Litorjia Alahady maraina : mandritra ny fihekem-pahotana dia mandohalika eo amin'ny Alitara avokoa ny Pastora manao Robe Pastorale manatrika.
b) Litorjian'ny famorana : Ajanona aloha ny Litorjian'ny famorana efa hitantsika ao fa ho dinihina amin'ny KMSL manaraka ny momba izany.

14- <u>FANITSIANA LALAMPANORENANA SY FITSIPIKA MANANKERY :</u>

Fanapahan-kevitra KMSL-141 :

Ilaina ny fanavaozana ny lalampanorenana FLM sy ny Fitsipika Manankery, ka hanangana komisiona handinika izany. Ireto avy no ao anatin'ny Komisiona :

- Birao Foibe FLM dimy.
- Filohan'ny SP efatra
- Loholona efatra
- Mpahay lalana efatra : Droit Public 2, Droit Privé 2

15- <u>FIFIDIANANA ISAN'AMBARATONGA 2019 – 2020 :</u>

Fanapahan-kevitra KMSL- 141

Mbola manankery sy mihatra amin'ny fanatanterahana ny fifidianana 2019 – 2020 ny lalampanorenana ankehitriny. Atomboka hatrany amin'ny ambaratonga ambany ny fifidianana, ka miakatra amin'ny ambaratonga rehetra, (Fiangonana, Fitandrema, Fileovana, Synodam-Paritany, Foibe FLM). Manomboka Oktobra 2019 ny an'ny Fiangonana rehetra. Manomboka Febroary 2020 ny an'ny SP. 23-30 Septambra 2020 ny Birao Foibe sy ny KMSL.

16- <u>ORDINASIONA SY FIZAHAN-TOETRA KANDIDA PASTORA :</u>

Fanapahan-kevitra KMSL- 141

Tazonina ny fanapahan-kevitra KMSL 140 tany Ambatofinandrahana : Ny Kandida Pastora mivoaka sy nahavita fianarana amin'ny STPL dia mandalo fizahan-toetra taona iray vao hatao Ordinasiona.

17- <u>LALAMPANORENANA FFPM</u>

Fanapahan-kevitra KMSL- 141

Raisina ny tolo-kevitra momba ny lalampanorenana FFPM, nankatoavin'ny KMSL 141 izany.

18- <u>FIVORIAN'NY KN/FDL :</u>

Nahatonga fangatahana ny SPBM mba tsy handray ny KN/FDL fa efa nandray KN efatra tamin'ity taona ity.

Fanapahan-kevitra KMSL -141

Aoka hifanatona ny FDL sy ny SPBM amin'ny fanatanterahana ny fivorian'ny Komity Nasionaly FDL hatao any Mahajanga.

19- <u>FIVORIAN'NY KSL 23 sy ny KMSL 144 – 145 :</u>

Fanapahan-kevitra KMSL -141:

a) Fivorian'ny KSL faha-23 : Tanterahina any Mahajanga ny 23 – 30 Septambra 2020.
b) Fivorian'ny KMSL 144 ho tanterahina any Betroka ny volana Oktobra 2020
c) Fivorian'ny KMSL 145 ho tanterahina any Morondava ny volana Mey 2021.

20- <u>FITSIPIKA FITONDRAN-TENA ETO ANIVON'NY FLM :</u>

Fanapahan-kevitra KMSL- 141 :

- Jerena miaraka ny code de conduite natolotry ny SALT teto amin'ny KMSL 141 sy ny Fitsipika natolotry ny MIARA MIANATRA tany Mahajanga ka haravona ireo.
- Ampidirina amin'izany koa ny resaka ady amin'ny kolikoly
- Aroso ho dinihin'ny KMSL 142 ity fitsipika fitondran-tena ity.

21- <u>VATSIM-PIANARANA :</u>

Fanapahan-kevitra KMSL-141 : Omena tsodrano ireto :

1. Past. RAKOTONINDRIANA Lanto Hubert (SPAnta) hianatra Teolojia
2. Rtoa RASENDRASOA Andosoa, (SPAL) hianarana Teolojia any Norvege
3. Past. RAZAFIMBELO Rafamantanantsoa Nelson,(Filohan'ny SPN) hianatra teny Anglisy.
4. Past. BEBE Tyran (SPBA), hianatra teny Anglisy.
5. Past. RANDRIANIRINA F.Minosoa (SPAF), hianatra Teolojia any ivelany.
6. Past. RAFENOMANANTSOA Paul Gerard, (SPAF), hianatra Teolojia any USA
7. Rtoa ZOELIARILAZA Heriniaina, (SPAF), hianatra any ivelany
8. Atoa FANDIO Mihaja Mampiray Solohery, (SPAM), hianatra any ivelany
9. Rtoa RANDRIANASOLOMAMPIONONA Kanto Mbolatiana, (SPAM), hianatra ivelany
10. Past. RAKOTOVELOMANANTSOA Alain F., (SPAM), hianatra Teolojia ED-FFPM
11. Past. NDRIAMANJA Willy Rosselin, (SPAvA), hanao Missiologie
12. Past. JONAH Gabriel, (SPAA), hianatra teny anglisy
13. Past. RABIA Ismael,(SPFT), hianatra Teolojia any ivelany
14. Past. RANDRIANARIBENJA Richard, (SPaFi), hianatra Teolojia any ivelany
15. Rtoa RASOANIRINA Antoinette, (SPAB), hianatra teny Anglisy
16. Past. LEMAZAVA Harison, (SPAnta) hianatra Teolojia any ivelany
17. Rtoa RAVELOMANANTSOA Nomeniavo, (SPAM), Science Agro

22- FITAKIANA TROSA :

Marobe ny trosa tokony haloan'ny olona amin'ny FLM. Miteraka olana amin'ny fanatanterahana ny asa izany. Ilana ny fanapahan-kevitry ity KMSL ity mba tsy hampikatso ny asa.

Fanapahan-kevitra KMSL-141 :

Ankinina amin'ny Birao Foibe FLM ny fandaminana izany.

23- TETI-BOLA HO AN'NY VAOMIERAN'NY VATSIM-PIANARANA :

Fanapahan-kevitra KMSL-141 :

Ekana ny teti-bola naroson'ny Vaomiran'ny vatsim-pianarana, fa esorina ny rubrique roa farany momba ny video projecteur sy solosaina. Omena tsodrano ny Tonia Lefitra hitady famatsiam-bola ahazoana ireo.

24- MOMBA NY FS-FLM :

Fanapahan-kevitra KMSL-141 :

Ingaviana ny Tonian'ny FLM hanao taratasy amin'ny Tonian'ny FS/FLM sy Rtoa Aro Brunah, amin'ny fanaovana tatitra amin'ny LWF momba ny fambolen-kazo.

25- MOMBA NY ADIDIN'NY SALFA AMIN'NY FOIBE FLM :

Fanapahan-kevitra KMSL-141 :

Nanambara ny Tale Jeneraly fa hamita izany ny SALFA .

26- TRANO FONENAN'NY FOIBE FLM AO ANDOHALO :

Fanapahan-kevitra KMSL-141 :

Ekena ny fanamboarana ny trano an'ny Foibe FLM ao Andohalo.

27- MOMBA NY ADIDIN'NY FLM ANY IVELANY :
15 000 EURO isan-taona ny adidin'ny FLM any ivelany. ahoana ny fomba fanefana izany ?

Fanapahan-kevitra KMSL-141 :
- 7 500 EURO alohan'ny SPFLME,
- 7 500 EURO zarain'ny SP 24 eto Madagasikara.

28- FANITSIANA TONON-KIRA 510 FFPM :

Fanapahan-kevitra KMSL-141 :
Hajaina ny zon'ny mpamorona ka izao no marina, "*dia tsy ho resy lahatra*"

29- FIVAROTANA FIARA SALFA :

Fanapahan-kevitra KMSL-141 :
- Ekena ny hivarotana ny fiaran'ny SALFA Foibe N° 0653 TAA, (Mitsubishi PAJERO)
- Aoka ireo nivarotra fiara ka nomen'ny KMSL tsodrano mba hanao tatitra aty amin'ny KMSL momba ny vola vidiny sy ny nampiasana izany.

30- TETI-BOLAN'NY FOIBE FLM :

Fanapahan-kevitra KMSL-141 :
- Ahitsy ny anjara adidin'ny TPFLM amin'ny Foibe FLM
- Ampidirina ny teti-bolan'ny Vaomieran'ny vatsim-pianarana.

31- TOMBANA MOMBA NY FANAPAHAN-KEVITRA KMSL :

Fanapahan-kevitra KMSL-141 :
Aoka ny mambra KMSL hampihatra sy hanara-maso ny fanapahan-kevitra izay niarahana nanapaka taty amin'ny KMSL. (Jereo Tatitry ny Tonia Lefitry ny FLM eo ambony).

32- MOMBA NY POLICY GUIDE LINE :
Hamafisina hatrany fa anisan' ny zavatra manahirana rehefa mameno ny taratasy fangatahana vatsim-pianarana eo amin'ny ELCA na FFLET ny tsy fananantsika "Policy Guidline for human resource / capacity development". Miangavy ity fivoriana ity hijery akaiky momba izany .

Fanapahan-kevitra KMSL-141 :
- Tsara fantatra mialoha izay ilain'ny FLM
- Izay vao mitady ilay olona hanao ny asa.
- Miankina amin'izany ny fanomezana vatsim-pianarana

33- JOBILY FAHA 50 TAONA SFM SY TMM :
Angatahan mba samy hankalaza ireto ny isaky ny Synodam-Paritany.

Fanapahan-kevitra KMSL-141 :
Ekena ary tsofina rano ny fanatanterahana izany isaky ny Synodam-Paritany
- Tsangam-baton'ny SFM : Fizakan-tenan'ny SFM
- Tsangam-baton'ny TMM : Fanatsarana ny fotodrafitr'asa efa antitra.

34- FANANANA MPANAO ASA AN-TSITRA-PO :
Lahateny avy amin'ny FOFAMA ny tokony hisian'ny mpanao asa an-tsitra-po ato anivon'ny FLM.

Fanapahan-kevitra KMSL-141 :
- Ekena ny hisian'ny mpanao asa an-tsitra-po ato amin'ny FLM.
- Ny SMT sy ny AKAMA no hijery ny antsipirian'ny fanatanterahana izany.

35- FAMATSIAN-DRANO AO AMIN'NY SALT :

Fanapahan-kevitra KMSL-141 :
- Ho fanapiana ny famantsian-drano ao amin'ny SALT Fianarantsoa, dia handrotsaka 100Ariary (500Fmg) ny Kristiana tsirairay vita Batisa.
- Tanterahina amin'ny 1 Novambra 2019 izany.

36- FIZAKAN-TENA :

Fanapahan-kevitra KMSL-141 :
Araka ny fehin-kevitry ny teknisiana tamin'ireo atrik'asa natao tany Antsirabe ny volana Janoary 2019, dia neken'ny KMSL 141 fa :
- Hiroso amin'ny Kitapo Iombonana Nasionaly ny FLM.
- Hanangana Departementa momba ny fitantanana olona sy fananana ato amin'ny FLM.
- Hisy fanangonana rakitra isam-piangonana
- Hisy fandraisana anjara amin'ny Sampam-Pikambanana sy ny Sampan-dRaharaha
- Hisy latsakemboka isaky ny Kristiana
- Hisy famoriam-bola manokana (leve de fond)

37- FANARENANA NY FLF ANTSIRABE :

KMSL FAHA-141 MIVORY ETO VONDROZO
TATITRY NY ASA NATAON'NY KOMITY TEKNIKA HO FANARENANA NY FLF

Fa mahitsy ny tenin'I Jehovah, ary ny asany rehetra dia mahatoky avokoa. (Sal 33:4)

Fampidirana

Araka ny fanapahan-kevitra tamin'ny KMSL-139, tao Ambatofinandrahana dia natsangana ny komity Teknika ho fanarenana ny FLF , izay hita fa mandalo fotoan-tsarotra taona maro . Ny Talen'ny TPFLM, Pastora Lahivelo Jean Donne, ny Tale Jeneraly SALFA, Dr Sahondra Rasoarimanana, ny Manager LHM Daniel Andriamanjaka, ary ny Ray aman-dreny Pastora Yves Razafiarison, teknisiana sady Komity Mpitantana ny Radio RTF, Antananarivo, no mivondrona amin'ity Komity Teknika ity.

Ny Fanomanana

Fivoriana inefatra misesy no natao ka nahafahana nijery ny sori-dalana ho enti-manarina ny FLF:

1. Fivoriana niaraka tamin'ny Komity Mpitantana FLF natrehin'ny Birao Foibe FLM
2. Fivoriana niaraka tamin'ny Mpiasa n'ny FLF rehetra
3. Fivoriana niaraka tamin'ny Talen'ny FLF samirery
4. Fikaonan-doha sy fifanakalozan-kevitra matetika teo amin'ny Komity Teknika

Ny Fitsinjarana asa hasiam-panarenana sy Fitsinjarana andraikitra eo amin'ny Komity Teknika

Mizara efatra lehibe ireo sehatr'asa nitondrana Paikady fanarenana ny FLF:

1. Famelomana indray sy fampandehanana ny Radio Feon'ny Filazantsara, Pastora Yves R.
2. Paikady maharitra fanarenana ny fitantanan-draharaha ankapobeny sy fitanana Mpiasa (Administration et Ressources Humaines), Atoa Daniel Andriamanjaka
3. Paikady maharitra fanarenana ny fidirambola sy fitantanam-bola, Atoa Pastora Jean Donne
4. Paikady fananganana tetikasa maharitra sy Programan'asa lehibe fanarenana ny FLF, hiantoka ny fampidiram-bola sy fampandrosoana maharitra, Dr Sahondra Rasoarimanana

Paikady momba ny RFF

- Velomina indray ny Radio araka izay haingana indrindra kanefa atao anaty filaminana sy fitandremana ka jerena avokoa ireo endrika roa tokony handraisana fanapahan-kevitra, dia ny fahazoana alalana ara-panjakana na ny fiarahana amin'ny RTF mialoha ny hahazoany fahaleovantena - Herintaona no heverina hanaovana tantsoroka momba ny fampandehanana ny RFF.
-Atsangana ny fahefana sy rafitra ho mpanao Sonia ny fitantanana ny vola miditra sy mivoaka
-Arotsaka ny vola avy amin'ireo mpanohana rehetra tarihin'ny TPFLM sy SALFA
-Atsangana ny Pylone
-Omanina ny efitrano hiasana
-Omanina ny ekipa teknika
-Apetraka ny emetteur
-Alefa ny radio

Paikady maharitra momba ny Fitantanan-draharaha sy Fitantanana Mpiasa

Tsapa tamin'ny fanadihadiana natao fa ilaina ny hanamafisana ny fitantanan-draharaha amin'ny ankapobeny ao amin'ny FLF amin'ny alalan'ny:
-Fanavaozana ny rafi-pitantanana (Organigramme)
-Fandrafetana laminasa matipaika (planning general de travail)
- Fananganana vina sy tanjona,
- Fampiofanana mitohy ny mpiara-miasa rehetra,
- Fanomanana releve dieny izao
- fanomezana tantsoroka ho an'ny Tale
- Fanamafisana orina ny fifandraisana eo amin'ny FLM/KMSL
- Fananganana fiaraha-miasa FLF/Fiangonana sy FLF/Sampanasa FLM rehetra

Paikady maharitra momba ny fampiasam-bola sy fitantanam-bola

-Havaozina ny rafitra iasana sy rafi-pitantanana
-Hatao ny audit anatiny mahakasika ny vola sy fananana rehetra ka ny mpandinibolan'ny FLM ihany no hampanaovina azy
-Haverina ny fitokisan'ireo mpamatsy vola hatry ny ela toy ny LHM, NMS, ELCA, LWF, sy ireo Radio rahavavy samihafa any ivelany araka izay azo atao
-Atambatra ny hery rehetra eto anivon'ny FLM hanohana ny FLF/RFF
-Hatsaraina sy hamafisina ny fifandraisana eo amin'ny mpamatsy vola rehetra eto an-toerana sy any ivelany
-Atao mazava ny fomba anatanterahan'ny FLF ny famerenana ny vola nampindramina azy

Paikady momba ireo tetikasa maharitra sy Programan'asa lehibe

-Atsangana ny Radio
-Velomina ny studio professionnel sy montage video
-Atsangana ny studio fanaovana "dubbing"
-Hitarina any amin'ny faritra ny Radio
-Haorina ny Televiziona Loterana Malagasy(TLM)
-Hatsangana ny Cyber multi services
-Ho velomina ny sehatra fikarohana sy fampiofanana electronika (E-learning)
-Ho dinihina ny fomba hananganana ny "Departement Lutherien pour la Communication, de la Recherche et Documentation et de l'Information (FLM-CRDI)

Ireo Dingana harahina momba ny fanarenana

1. Fanoratana ny Planina Fanarenana (Plan de redressement) sy ny paikady
2. Fampiharana ny Paikady iarahana amin'ny Tale FLF (Ireo Komity Teknika manatona)
3. Fandraisana anjara mavitrika amin'ny fivorian'ny Mpiasa
4. Fanaovana audit anatiny ny orinasa sy ny fananany
5. Fanofanana ireo mpiasa rehetra sy famolavolana teknisiana vaovao
6. Fiomanana amin'ny fandraisana mpiara-miasa vaovao (ohatra amin'ny Radio)
7. Fanaovana tombana ny fampiharana ny Paikady sy ny tantsoroka
8. Fivoriana miaraka amin'ny Komity Mpitantana FLF
9. Fanaovana tatitra amin'ny Foibe FLM/KMSL

Fe-potoana iasan'ny Komity Teknika

Heverina fa ao anaty ny enim-bolana no tokony hanaovana izao tantsoroka izao ho fampiharana ny Planina fanarenana ny FLF (Jolay-Desambra 2019)

Farany

Antenaina fa hiverina amin'ny lanjany sy ny lazany ny FLF noho ny fiaraha-miasa matotra sy fiaraha-mientana eo amin'ny tsirairay. Ny fitondrantsika rehetra am-bavaka ity sampan-draharaha ity sy ny mpiasa ao aminy dia tena ilaina tokoa ka anentanana antsika rehetra. Iangaviana koa ny isan-tsynoda mba samy handray anjara mavitrika ho fampahafantarana ny kristiana ao aminy fa miverina izao ny RFF ary mitohy sy mihavao ny asan'ny FLF.

Andriamanitra anie hitahy ny Fiangonany ka hamindra fo sy hiantra Izy hanangana indray izay efa rava.

Ny Komity Teknika

Fanapahan-kevitra KMSL-141 :

Ekena ny tolo-kevitra natolotry ny vaomieran'ny fanarenana ny FLF Antsirabe :

38- FIFIDIANANA SAMY HAFA :

Fanapahan-kevitra KMSL-141 :

1. Vice Doyen SALT : Pastora Dr RAFALIMANANA Jean de Dieu
2. Filohan'ny Oniversite Martin Lotera : Prof. RAPELANORO Fahafahantsoa Rabenja.
3. Filoha Lefitry ny Oniversite Martin Lotera : Prof. MAHARAVO Jean.

N°	IREO MAMBRA KMSL 141 SPAV	VAOMIERA			
	BIRAO FOIBE FLM	V.1	V.2	V.3	V.4
01	Past Dr RAKOTONIRINA David, *Filohan'ny FLM*	x			
02	Past ANDRIANJAFY Octave Bénil, *Filoha Lefitra FLM*		x		
03	Past RANDRIANIRINA Dieu Donné, *Tonian'ny FLM*				x
04	Rtoa TOROMAREE Mananato, *Tonia Lefitra FLM*		x		
05	Atoa LAHINIRIKO Jean, *Mpitahirivola FLM*			x	
	(01) SP AVARATRIMANIA (SPAM)				
06	Past RATOLOJANAHARY Andriamanampisoa *Filoha SPAM*	x			
07	Dr RASAMIMANANA Harison Sahalanirina, *Mpiasa*				x
08	Rtoa RAHARIMANANTSOA Saholy, *Loholona*		x		
09	Atoa RAMAHANDRITAHA, *Loholona*				x
	(02) SP AFOVOANY (SPAf)				
10	Past MAHAY Jaonary, *Filohan'ny SPAf*		x		
11	Past RAKOTONIRINA Robert, *Mpiasa*				x
12	Rtoa RAZAFINDRABOZY Emmannuelle, *Loholona*			x	
13	Atoa ANDRIAMANJATOHASA Jean Honoré, *Lohona (ny an-tratra no tonga Atoa Gilbert Nariharivony)*	Tsy	tonga		
	(03) SP FIHERENANA TOLIARA (SPFT)				
14	Past RAZAFIMAHATRATRA Angelos Modeste, *Filohan'ny SPFT*				x
15	Past RAVELOJAONA Florent, *Mpiasa*	x			
16	Rtoa RAHARIVAO Jeannette, *Loholona*			x	
17	Rtoa SENDRASOA Vonifanja Lilia, *Loholona*		x		
	(04) SP BETIOKY ATSIMO (SPBA)				
18	Past MAHATOKY, *Filohan'ny SPBA,*	x			
19	Past FARAMANA Frigson, *Mpiasa*			x	
20	Atoa E S O A N D R O, *Loholona (ny an-tratra faharoa, Atoa Tata Jaona no tonga)*	Tsy	tonga		
21	Atoa TSANGAMBELO Gilbert, *Loholona*	Tsy	tonga		x
	(05) SP ATSINANANA (SPAts)				
22	Past RABERY, *Filoha Lefitra SPAts,*				x
23	Rtoa RASOANIRINA Yollande, *Mpiasa*	x			
24	Rtoa, DOLINE *Loholona*		x		
25	Atoa RANDRIANAVELONA Victorien, *Loholona*			x	
	(06) SP MENABE (SPM)				
26	Past VELOMAHATOMBO, *Filohan'ny SPM*	x			
27	Past RAHERIVONILAHITRA Solofoniaina, *Mpiasa*				x
28	Rtoa RAKOTOMAVO Lantonirina Veronique, *Loholona*			x	
29	Atoa RAMAROLAFY Calixte, *Loholona*		x		
	(07) SP TOAMASINA (SPTm)				
30	Past TOTO Chrysostome, *Filohan'ny SPTm*	x			
31	Past FALIMANANA, *Mpiasa*		x		
32	Rtoa MAROVAVY Florette, *Loholona*			x	
33	Atoa RANDRIAMPARANY Daniel, *Loholona*				x

	(08) SP BOENY MAHAJANGA (SPBM)	V.1	V.2	V.3	V.4
34	Past RAKOTO Andriamamonjimisainasoa, *Filohan'ny SPBM*	x			
35	Past RANDRIANARIMANANA Nirina., *Mpiasa*			x	
36	Rtoa RAHARINIRINA Noro Olga, *Loholona*				x
37	Atoa RAKOTONDRASOA David, *Loholona*		x		
	(09) SP FISAKANA (SPaFi)				
38	Past RANDRIAMANDIMBISOA Alfred, *Filohan'ny SPaFi,*		x		
39	Past RANDRIANASOLO Daniel, *Mpiasa*	x			
40	Rtoa RAMAROSAONA Hantanirina Zafindrameva, *Loholona*				x
41	Atoa RAZANAJOTOVO Dalson, *Loholona*			x	
	(10) SP FARADOFAY (SPFa)				
42	Past MANARINTSOA Rakotondravony Soloson *Filohan'ny SPFa,*	x			
43	Past MAKAVELO Marcellin, *Mpiasa*		x		
44	Rtoa RASOLOARIVELO Perline Endor, *Loholona*			x	
45	Rtoa ZANABAVY Berthine, *Loholona*	Tsy	tonga		x
	(11) SP AMBOVOMBE-ANDROY (SPAA)				
46	Past MAMPITOHY Elie, *Filohan'ny SPAA*				x
47	Past TOVOSOA Angilbert Lambokidy, *Mpiasa*	Tsy	tonga		
48	Atoa MIHA Miarimbala, *Loholona*	Tsy	tonga	x	
49	Atoa MBOLA Fanovo, *Loholona*	Tsy	tonga		
	(12) SP ANTSIRANANA(SPA)				
50	Past RAZAFINARIVO Robelson, *Filohan'ny SPA,*		x		
51	Rtoa Teolojiana, ZANATIANA Lalao Béatrice, *Mpiasa*	x			
52	Atoa RAKOTONIRINA Armand, *Loholona*			x	
53	Atoa, ALAIN, *Loholona*				x
	(13) SP MANAKARA (SPMa)				
54	Past RATSITONTANIRINA Gastrien, *Filohan'ny SPMa*		x		
55	Rtao MAHAZOTSARA Bao, *Mpiasa*				x
56	Atoa RAKOTONANDRASANA Samuel, *Loholona*			x	
57	Atoa TSABOTO Iango Simplice Edmond, *Loholona*	x			
	(14) SP NOSIVOLO (SPN)				
58	Past RAFAMANTANANTSOA Zafimbelo Nelson, *Filohn'ny SPN*	x			
59	Past VELOMBITA Simon, *Mpiasa*				x
60	Atoa TOVOMARINA, Loholona			x	
61	Rtoa VAVIROA Perline, *Loholona*		x		
	(15) SP ANALA (SPAn)				
62	Past RANDRIAMANANTENA , *Filohan'ny SPAn*				x
63	Past RANAIVOSOLO Jaona, *Mpiasa*	x			
64	Atoa RAOELISON Albert, *Loholona*	Tsy	tonga		
65	Rtoa RASOARINORO Myriam Judith, *Loholona*			x	
	(16) SP HOROMBE (SPH)				
66	Past RANDRIANANDRAINA Jean Josefa, *Filohan'ny SPH*		x		
67	Past VAKISOA Florent, *Mpiasa*				x
68	Atoa RANDRIAMPILAMANANA Rostand*, Loholona*	x			
69	Rtoa RAZAFINDRAMAVO Ratsiatakalo Marie Claire, *Loholona*			x	
	(17) SP ANTANANARIVO (SPAnta)				
70	Past RAZAFINDRAKOTO Georges,Filoha SPAnta(*Filoha Lefitra Past Randrianasolo Jaennot no nisolo azy*	Tsy	tonga		
71	Past RATEFIARIVONY Jacques Audace, *Mpiasa*	x			
72	Atoa Hary ANDRIANARIVO, *Loholona*	Tsy	tonga	x	
73	Atoa RANARIVELO Kolezy, *Loholona*				x

	(18) SP MELAKY (SPMel)	V.1	V.2	V.3	V.4
74	Past RAZAFINDRAINIPAROSOLO Mamy Randrianifaliana, *Filohan'ny SPMel*	x			
75	Past SOLOFOJAONA Christophèr, *Mpiasa*				x
76	Atoa RAKOTO Andrianarivelo Lala, *Loholona*	Tsy	tonga		
77	Atoa ANDRIATIANIAINA Aimé, *Loholona*	Tsy	tonga	x	
	(19) SP ALAOTRA (SPAl)				
78	Past RAMANANDRAIBE Helison Martin, *Filohan'ny SPAl*		x		
79	Dr RAKOTONIAINA José, *Mpiasa*	Tsy	tonga		x
80	Atoa ANDRIAMBOLAMANANA Zo Thierson, *Loholona*	Tsy	tonga	x	
81	Atoa RATOVOARIVAO Richard, *Loholona (ny an-tratra no nisolo azy Atoa Rakotondratandra Henri)*	Tsy	tonga		
	(20) SP AVARATRA ATSINANA (SPAvA)				
82	Past RAZAFIMAHATRATRA Jean de Dieu, *Filoha*	x			
83	Past RANAIVO Davidarison, *Mpiasa*		x		
84	Atoa VELONA Mazotomanana, *Loholona*			x	
85	Atoa RAKOTOARISOLO Andrianarivonirina, Loholona	Tsy	tonga		x
	(21) SP ANDRIRY BETROKA (SPAB)				
86	Past RASOLONDRAZANY Manoela, *Filohan'ny SPAB*				x
87	Past ANDRIAMIHAJA Jean Norbert, *Mpiasa*				
88	Rtoa RASOANARIVELO Lalanirina Mariette, *Loholona*	Tsy	tonga		
89	Atoa RAJAONARIVELO Gaston, *Loholona*	Tsy	tonga	x	
	(22) SP SOFIA (SPSofia)				
90	Past TOTO Armand, *Filohan'ny SPSofia*	x			
91	Past EUGENE Bernard, *Mpiasa*	Tsy	tonga		
92	Rtoa RAZAFITSIRESY Odile, *Loholona*			x	
93	Atoa TSIRIMBELONA Walter Oneste, *Loholona*				x
	(23) SP FLM EROPA (SP.FLM.E)				
94	Past HABBERSTAD Rakotondrazaka, *Filohan'ny SP FLME*	tsy	tonga		
95	Rtoa Katekista, RAKOTOMAVO Fara Emelie, *Mpiasa*				x
96	Rtoa Dr RAOELISON Heliniaina (Dr Lala), *Loholona*	Tsy	tonga		
97	Atoa RAHARIJAONARIVELO Maxi, *Loholona*	Tsy	tonga	x	
	(24) SP ATSIMONIMANIA (SPAtsim) Ambatofinandrahana (vaovao)				
98	Past RANDRIANDRINA Joëlson, *Filohan'ny SPAtsim*				
99	Past RAZAFIMANDIMBY Solonirina Doudou Elyrien, *Mpiasa*				
100	Rtoa Marosoa Jeanne RAHARIJAONA, *Loholona*				
101	Rtoa VOLOLONIAINA Olivia Aimée, *Loholona*				
	(25) SP AMBODIHARAN'I VONDROZO (SPAV) vaovao				
102	Past KOTOBESOA, *Filohan'ny SPAV*				
103	Past CLAUDE, *Mpiasa*				
104	Rtoa RASOAZANAMPARANY Berline, *Loholona*				
105	Rtoa BAOMANONY Marcelline, *Loholona*				
	TONIA NASIONALY SAMPAM-PIKAMBANANA				
106	Past RASOLOFOMPANORENANA Andriamiandra Noël , *Tonian'ny SALOMA*				x
107	Past JOSOA Bernard, *Tonian'ny FKTLM*		x		
108	Rtoa RABAONIRINA Esther, *Tonian'ny FBL*	x			
109	Atoa RESTA, *Tonian'ny FDL*			x	
110	…….. , *Tonian'ny FiFiL*	x			
111	Past ANDRIANATOANDRO Pierre, *Tonian'ny VML*			x	
112	Atoa BRUNAUD Jean de Dieu Tsiketa (Jamoka), *Tonian'ny Skoto FSFLM*		x		
113	Atoa MAMONJY Justin Albert, *Tonian'ny FD-FLM*	x			

	TALE sy TONIA NASIONALIN'NY SAMPAN-DRAHARAHA	V.1	V.2	V.3	V.4
114	Dr Lotera FABIEN, *Doyen SALT*			x	
115	Past LAHIVELO Jean Donné, *Talen'ny TPFLM*				x
116	Rtoa JENO Isabelle, *Tale FFL*				x
117	Past RAKOTONIAINA Jean de Dieu*, Talen'ny FLF,*		x		
118	Dr RASOARIMANANA Sahondra Pascaline , *Talen'ny SALFA*			x	
119	Rtoa RAELIARISOA Jeannette, *Talen'ny FoFaMa*	x			
120	Atoa SOLOHERY Erison Ernest , *Talen'ny FoFaJa*				x
121	Past MANJARIMANANA André , *Tonian'ny TMM*		x		
122	Past RAKOTOARIJAONA Daniel Stephan, *Tonian'ny SHALOM*	x			
123	Atoa RAKOTOVAO Anten'Aina , *Talen'ny FaFiTo*	Tsy	tonga		x
124	Rtoa RANOROMALALA Vohanginirina Lucie, *Tonian'ny AMLT*			x	
125	Rtoa RAOSERASALINA Evelinah Jeanne, *Talen'ny SBV Amboaloboka*				x
	FANDRAHARAHANA FOIBE SY FANDRINDRANA NASIONALY :				
126	Atoa RAKOTONIAINA René, *Mpandraharaha Foibe FLM*		x		
127	Atoa RASOANAIVO Paul, *Mpiandraikitra ny Archives FLM*	x			
128	Atoa RASOLOFOMIANDRISOA Richard, *Mpandr.Fizakan-tena ara-bola FLM*			x	
129	Rtoa RAHARIMALALA Emilienne, *Mpandraharaha Foibe FLM*		x		
130	Rtoa FARANAMBININA Harimalala Bertine, *Sec.Tonia FLM*		x		
131	Rtoa ANDRIAJAONA Narindrarilala, Comptable Foibe	Tsy	tonga	x	
132	Past Dr.ANDRIAMIHARIMANANA Fidiniaina Berthier, Mpandr.F. *SALT/STPL*	x			
133	Atoa RAZAFIMAHALEO Andriamasitera, *DAF PP Foibe*			x	
134	Past LOUBIENS Fidinantenaina Claudias, *Mpandrindra N.Evangelisation*	x			
135	Past RANAIVOMANANA Albert, *Filohan'ny KSFFTL*	Tsy	tonga		
136	Atoa ANDRIAMANANTSOA Maminiaina, *Mpandrindra MIRD-Program*				x
137	Rtoa RAHANTARIVELO Vonilalao Narisoa, *Mpandrindra Soritr'Asa Diakonaly*	x			
138	Atoa ANDRIAMANDRAINIRINA Stephan, *Consultant FT/FLM*				x
139	Rtoa RAKOTONIAINA Sarah, *Mpandrindra Nasionaly Exploitation FLM*				x
140	Atoa RANDRIANARIMALALA Jaonarisoa, *Mpandrindra N. SMT/FLM*				x
141	Atoa RASAMIMANANA Alfred*, Mpandrindra Nasionalin'ny FANILO FLM*				x
142	Atoa ANDRIAMBONIMIHANTA Antoine, *Mpiandraikitra ATN*	Tsy	tonga		x
143	Atoa RANDRIATSARAFARA Sarotrahifika Ramanantsoa, *Gerant Ivon-toerana FLM*			x	
144	Rtoa RAKOTONDRAMIADANA Holiharifetra,Teolojiana,*Mpandr.N. Asa Misiona Ivelany*	x			
145	Atoa RABESON Andriatahiana M.Nirina, *Talen'ny Lovasoa CCCC Antsirabe*				x
146	Dr RASAMIMANANA Nivonirina, Mpandrin.Nasionaly Projet VIH & SIDA/SALFA				x
147	Atoa RANDRIANARIVONY Radasy Rolland, Mpandr. *N. MIARA MIANATRA*				x
148	Maitre, ANDRIANASOLO Andry Fiankinana, Mpandrindra SRFL	Tsy	tonga	x	
	MISSIONA MPIARA-MIASA :				
149	Mme Sandra BISCHLER, Solontenan'ny NMS	Tsy	tonga		
150	Rtoa RANAIVOSOLOHERY Franchette, Mpandrindra ara-bola NMS	Tsy	tonga	x	
151	Rev. Themba KHABELA, *Solontenan'ny ELCA*	Tsy	tonga	x	
152	Mme Agyedho Othwonh Bwogo, *Solonten'ny Danmission*				x
	Rtoa Holy RAJAONARISON, Assistante Danmission				
153	Past. LIAN YUK YEN, BCCM, *Fiangonana Loterana Sinoa Behoririka*	Tsy	tonga	x	
154	Mme CHIN TSEN YUN, (Pastora) vadiny	Tsy	tonga		
	VAHINY NASAINA :				
155	Past RAMITSIRIHAJA Andriantseheno Nary, *Tonian'ny FFPM*				
156	Rtoa FANIHIA Solo Léa, *Tale Radio Protestanta*	Tsy	tonga		
157	Rtoa FANJAVOLA Ranivoarimanitra Hary Jah, *Tale FoFiKri Ilafy*	Tsy	tonga		
158	Rtoa RAZAFINDRAFARA Sprayer Yvette, *Tale Akany Ambodinisotry*	Tsy	tonga		
159	Rtoa RAZANAMANANA Lalasoa, *Tale Akany Avoko Ambohidratrimo*	Tsy	tonga		
160	Rtoa ANDRIAMONGOLANDY Hasinera, Teolojiana,*Tale K.FFPM Mahajanga*	Tsy	tonga		
161	Past RASOLOFONOMENJANAHARY Martin, *Tale Akany Kristiana Zazalahy Ants.*				
162	Past TOMBOTSOA Gervais, *Aumônier National Militaire FFPM*	Tsy	tonga		
163	Rtoa RASAMIMAMPIANINA Agnès, *Solontenan'ny GHM*	Tsy	tonga		
164	Rtoa RATSIFANDRIAMANANA Lila, *Solotena Jeneralin'ny CBM à Mcar*	Tsy	tonga		
165	Atoa ANDRIAMANJAKA Prosper Daniel, *Talen'ny Feon'ny Filazantsara*				
166	Past RAMANANTSOA Haja Wilson, *Aumônier & Rédacteur en Chef TPFLM*				
167	Rtoa RAHELISOA Jeannette, *Mpanao Gazety Diadema*				
168	Rtoa RAMANANTSOA Flora, *Mpanao Gazety*	Tsy	tonga		
169	Atoa RATOHARIZAFY Fanomezantsoa, *Cameraman*	Tsy	tonga		
170	Past RAZAFIARISON Yves,				
171	Atoa ALARICH, Teknisiana Informaticien				

FANAZAVANA :

V1 = Vaomiera Voalohany : ***Fiangonana***

V2 = Vaomiera Faharoa : ***Fitsipika***

V3 = Vaomiera Fahatelo : ***Vola sy Fananana***

V4= Vaomiera Fahefatra : ***Fampandrosoana***

Ny KMSL faha – 141
Natao tany amin'ny Synodam-Paritany Ambodiharan'i Vondrozo (SPAV),
ny 31 Mey – 05 Jona 2019

Ny Tonia Lefitry ny FLM

Rtoa MANANATO Toromare
Teolojiana

Rtoa TOROMAREE Mananato

Ny Filohan'ny FLM

Fiangonana Loterana Malagasy
Filoha (Président)
Synoda Lehibe

Pastora Dr RAKOTONIRINA David

Ireo Mpitantsoratra ny KMSL – 141
(Hankatoavin'ny Fivoriana)

01. Rtoa RAELISOA Jeannette, Talen'ny FoFaMa
02. Rtoa RAZAFITSIRESY Odile, Loholona SP Sofia
03. Pastora RANDRIANARIMANANA Nirina, Mpiasa SPBM
04. Atoa GILBERT Narihariveny